Mpiandry raharaha

PHARMACIES DE GARDE 17/04/2021 hatramin'ny 24/04/2021

- **RALISON** (Antanimena en face imprimerie NIAG) 22 370 03/034 22 370 03
- **RASOLONJATOVO** (Anosy en face HJRA) 020 24 570 38
- **ANDOHATAPENAKA** (67ha Route FDC) 020 22 670 70
- **SOARY** (Iadiambola Ampasapito) 020 22 410 58
- **PROVIDENCE** (Andohan'Analakely) 020 26 407 27
- **FANOMEZANTSOA** (Ambondrona) 020 22 286 85
- **ANKAZOMANGA** (Ankazomanga) 020 23 302 68
- **MAEVASOA** (Immeuble Castello Anosizato) 034 39 186 69
- **ANKAZOTOKANA** (à 600m Jumbo Score vers Ambanidia) 020 22 354 42

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40

Jirama: Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro
Vidiny: 300 Ar
Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo

TALEN'NY FAMOAHANA :
Rahelisoa A.
034 79 07600

MPANAO GAZETY

Politika:
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

Toe-karena :
Aly : 033 18 382 88

Kolontsaina:
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

Fanatanjahantena:
Lita: 033 41 557 69

Mailaka:
gvalosoa@yahoo.com
NATONTAN'NY Imprimerie de la RN7

Fametrahana 1155-04-2021
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

TALE JENERALIN'NY JIRAMA

Tsy nahomby hatramin'izy ministra, nefa mbola eo ihany

Ny tale jeneralin'ny Jirama Vonjy Andriamanga.

Nahazo fanakianana tamin'ny filoha Andry Rajoelina indray ny tale jeneralin'ny orinasa Jirama Vonjy Andriamanga, sy ny mpitantana ity orinasa misahana ny resaka angôvo eto amintsika ity. Efa hatramin'izy ministra anefa no efa hita izay tsy fahombiazany izay, nefa mbola eo amin'ny toerany ihany ity tompon'andraikitra ity. Manontany tena ny maro, inona no anakianan'ny filoha azy isaky ny mihetsika, fa tsy tonga dia esorina izy rehefa tsy mahomby ny fitantanany, satria tena mijaly ny mpanjifa amin'izao fotoana, noho ny faharatsiam-pitantanana ao anivon'ity orinasa ity, raha tsy hilaza afa tsy ny resaka faktiora. Tsy mitsaha-midangana ny sarany, nefa ny vahaolana hitan'ny mpitantana ny amin'izany dia ny fanovana endrika ny faktiora. Moa va tsy toy ny tsy fahitana vaha-olana amin'ny vidim-bary dia ny kapoaka no voalaza fa hovaina kapoaka manara-penitra. Tena tsy fahaizana tsotra izao ny fahitan'ny maro an'izany rehetra izany. Rehefa tsy zaka tokoa ny toerana dia tokony hesorina ireny tompon'andraikitra tsy mahomby ireny, efa tsy vitsy ny fampitandremana natao azy, ka efa fotoana izao hanesorana azy ireny, toy ny ao anivon'ity orinasa misahana ny jiro sy ny rano eto amintsika ity. Raha tsiahivina ny nitranga tamin'ny lahatenin'ny filoha Rajoelina ny alahady alina lasa teo, mody nampitandrina, na nibedy imasom-bahoaka izao foana kanefa tsy hita akory izay fepetra hentitra raisina. Manontany tena ny mpanara-baovao: manao vazaha mody miady ve i Andry Rajoelina sy ity tale jeneralin'ny Jirama ity. Efa mahatsapa ny filoha, fa noho ny tandrevaka nataon'ny Jirama tamin'ny resaka delestazy no nahafatesana olona teny amin'ny hopitaly, koa inona no tsy andraisana fepetra hatramin'izao? Dia mbola mijanona fampitandremana toy ny mahazatra ihany ve no ataon-dRajoelina? Mahakely finoana ny hahavitan'ny Jirama ny planina: «zéro coupure » ity. Tsy eny amin'ny toeram-pitsaboana fotsiny ihany koa no hisy izay tsy fahatapahana izay, fa ny isan-tokantrano mihitsy, maro ihany koa mantsy ny marary no misafidy ny hitsabo tena any an-tokantranony, ka amin'ny faritra rehetra mihitsy no tsy tokony hisy fahatapahan-jiro.

Niaina

Ady amin'ny covid-19

Mbola misy ihany ireo taksibe tsy mampiasa gel

Nohamafisina ny fepetra amin' ny ady amin'ny fihanaky ny valanaretina covid-19 eto Antananarivo sy ny manodidina. Tafiditra tanteraka ao anatin'izany ny fepetra noraisina amin'ireo fiara fitateram-bahoaka, na taxibe, izay miasa ao anatin'izany. Ireo taxibe ireo, ny mpamily sy ny reseverany, dia mampiasa arovava sy orona, ary ity farany mitondra "visière". Ankoatra izay ny amin'ny fampiasana "gel" hanasan'ireo mpandeha tanana, rehefa avy manome, na mandray ny famerim-bola. Tsy izany anefa no mitranga hatramin' izao, izay mampirongatra ny valanaretina izao. Tsy hita izay taxibe manolotra "gel" amin'ny mpandeha.

Teo alohaloha kely teo, dia nisy fisavana nataon'ny polisy, izay hitany, teo amin'ny fiantsonana "Cotona", tsy lavitra ny "petite vitesse", tamin'ireo taxibe avy any Ambalavao Isotry ary ho an'ny Tsaralalàna sy Analakely. Mampiseho tsara ny "gel" entiny ilay resevera kanefa tsy nampiasa izany akory. Nalefan'ilay polisy nisava izy mazava loatra satria manana "gel". Taorian'izay ny mpandeha vao niteny sy nitaky ny amin'ny hanomezana azy ireo "gel", ary dia nizara tsy satriny ilay resevera. Atao ho fiarovan-tena fotsiny ihany hoan' ny taxibe, mba tsy ho voasazy ve izany ilay "gel" entiny eny, fa tsy natao hozaraina amin'ny mpandeha loatra? Aiza ny mpitandro filaminana amin'izany? Taorian'izay dia tsy nahatsikaritra intsony taxibe mampiasa "gel" izahay ho an'ny mpandeha, ary tsy nisy ihany koa aza, nahavariana, ny polisy nisava. Mbola misy ihany koa hatrany ny fanaovan'ny taxibe amina kaoperativa sasantsany tsi-dimy dimy rehefa amin'ny lalana heveriny, fa tsy hisy mpitandro ny fifamoivoizana, polisy na zandary. Tsy mbola milamina araka izany ny fampanajana ny fepetra rehetra ara-pahasalamana, fa karazany ny mbola mandeha ila hatreto ary tsy hahazoana fahombiazana izany.

Radafy

BEHARO

Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

N° 346



BL = Bory Loha
BR = Bory Rambo
MIV = Mivadika
MIK = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

Valiny Teny Tondro (0345)

Mitsivalana
- Miaraka
- Azy – Do
- Navelany
- Tamana (miv)
- Nihinana
- Jo(na)(lay)
- Mihanta (miv)

Mitsangana
- Manonja
- Iza – Toy (miv)
- Havia
- Enina
- Naloa (miv)
- Amany
- Nandà (miv)
- Matio (miv)

TENY MIFANAPAKA N° 346



Mitsivalana

1. Ambony – Ao amin'ny Baiboly **2.** Vao tsy ela (miv) – Mahantra (BR) **3.** Tovona – Tsindry (miv) **4.** Isa Romana – Legioma **5.** Aretina malaza – Faran-teny (miv) **6.** Tsy ivelany – Anaty rano **7.** Betsaka – Reraka **8.** Orinaa fanamboarana **9.** Tarika Mpanakanto **10.** Raharaha – Nikasa (miv)

Mitsangana

A. Tsy mikorontana **B.** Biby anaty rano – Fiandohan'ny naoty **D.** Tampisaka (miv) – Rakotra **E.** Hena **F.** Salama – Mpanondro manolotra **G.** Mampisafidy – Mena lalandava – Fisotro (miv) **H.** Miantso – Lafika azo amin'ny asa-tànana **I.** Isa aviavy – Ao amin'ny fery (miv) **J.** Fomba sy fihetsika – Foko (BL) **K.** Be taona, ela (miv) – Mpanoritra (miv)

Valiny Teny mifanaraka 0345

Mitsivalana
1. Fivavahana **2.** Inona - Vary (miv) **3.** Henoina - To **4.** Vita (miv) - Roa **5.** Vinanto - Ha **6.** Ankizy - Non(o) **7.** Ma (miv) - Aotra **8.** Ar **9.** Naolana - No **10.** (H)ao - Tantara (miv)

Mitsangana
A Fihinanana **B.** Niteny (miv) - Ao **D.** Voninkazo **E.** Miavona (miv) - La **F.** Vay - ZN (miv) - Ray (miv) **G.** Tia - Na **H.** Hiaro - Tazo (miv) **I.** Rà (miv) - NT **J.** Natahorana **K.** Avo - Torana (miv)